



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-202

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MIKASIKA NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-007-2021/PL, «SUR LA PARTICIPATION DES FEMMES AUX POSTES DE DÉCISION» NATOLO-DRAMATOA RAZANAMAHASOA CHRISTINE HARIJAONA, SOLOMBAVAMBAHOAKAN'I MADAGASIKARA VOAFIDY TAO AMBATOFINANDRAHANA

Fivoriana Faha-13
Natao ny
Alakamisy 16 Jona 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

FOTOANA: Alakamisy 16 Jona 2022, tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL, «sur la participation des femmes aux postes de décision» natolo-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Ambatofinandrahana.

Nitohy ny Alakamisy 16 Jona 2022, tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoatra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL araka ny voalaza etsy ambony.

Nomarihan' Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa araka ny voalazan'ny andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fandaniana fanindroany, voafetra ho amin'izay tsy nahavitan'ny Antenimiera roa tonta namoaka rinjan-teny tokana ihany no isian'ny adihevitra.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra tany amin'ny asam-baomiera.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAHERIARIJONA Régina Clarisse, ka toy izao ny fivakiny.

Nivory ny Talata 14 Jona 2022 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona, ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ary ny Vaomiera momba ny Lalàna; nandinika fanindroany ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL «sur la participation des femmes aux postes de décision» izay natolo-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoakan'i Madagasikara, voafidy tao Ambatofinandrahana, sady Filohan'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc, Filohan'ny Vaomieran'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa isany.

- 1- MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'arc.
- 2- RAHARISOA Eléonore.

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa sy Ramatoa isany.

- 1- BAOENO MICHELINE.
- 2- DONOVAN Sidonie Jimmy.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana

Ramatoa Andriamatoa isany:

- 1- IDEALSON
- 2- PEPIN Michou
- 3- JOHASY RAHARISOA Eléonore.

Solombavambahoaka tsy mpikambana anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier.

Tsy nisy Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy nanatrika ny fivoriana

Ireto avy ny teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|--|-----------------------|
| 1.RAMAMPY Marie Gisèle | MTEPFPLS |
| 2.VIA Cèline Marie Yollande | FPFE |
| 3.RAZAFINDRAHIBE Céline Nathalie | VP/VMLF |
| 4.RABODONAVALONA Anja | DEAJ/MTEFPLS |
| 5.DAVIDSON Mark Ny Aina | DEAJ/MTEFPLS |
| 6.RABEMANANTSOA Rolland | AT-DGPF-MPPSPF |
| 7.RAKOTONIRINA Andriamalala Jean Christian | Magistrat/DERL/MINJUS |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nanambara, fa fandinihana fanindroany ny Tolo-dalàna izao atao izao, taorian'ny fanovàna sy fanitsiana nataon'ny Antenimierandoholona. Amin'ny mahafandinihana fanindroany azy dia mifantoka amin'ireo fanitsiana sy fanovàna nentina ny fivoriana.

Raha fintinina dia mizara roa toy izao ny fanovàna sy ny fanintsiana natao:

-Ny voalohany, mahakasika ny andininy faha-9, tsipika faha-2 izay nanovàna ho roa ny solotenan'ny Antenimierandoholona ao amin'ny "observatoire du genre" raha toa ka iray izany teo aloha.

-Ny faharoa, mahakasika ireo fanamorana ny famakiana ny Tolo-dalàna, toy ny fampitambarana ny toko voalohany sy toko faha-2 izay mitarika fanovàna amin'ireo toko manaraka. Eo ihany koa ny fanovàna ny sampana faha-3 ao amin'ny toko faha-3 ho lasa toko faha-3.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ireo Solombavambahoaka sy teknisiana ka nanomezan'izy ireo fanamarihana toy izao.

FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA:

1. Amin'ny maha samy Andrimpanjakana mpanao lalàna dia rariny raha ampitoviana ny isan'ny solotena avy amin'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona ho ao amin'ny "observatoire du genre", tahaka ny efa natao tamin'ny fanolorana solotena any amin'ireo rafi-panjakana hafa.
2. Mahakasika ny fampitambarana ireo toko kosa, manamora ny famakiana sy manome endrika tsara kokoa ny Tolo-dalàna izany.

FANAMARIHANA AVY AMIN-DRAMATOA MINISITRA

Amin'ny maha Tolo-dalàna mahakasika ny vehivavy azy ity dia nambarany, fa voninahitra ho azy ny nandinika sy nanatrika azy ity. Efa nisy ny fanamarihana nataon'ny Governemanta ary efa lany teto amin'ny Antenimierampirenena izy ity nandritry ny fandinihana voalohany, ka isaorana isika amin'ireo dingana vita. Mahakasika ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona izay tsy dia mavesatra loatra, tsy manana olana amin'izany ny Governemanta, fa mankatoa ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniahana isan'andiny ny fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona ny mpivory.

-Andiny faha-9, tsipika faharoa: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

-Ny fampitambarana ny toko voalohany sy toko faharoa ho lasa toko voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

-Ny sampana fahatelo ao amin'ny toko fahatelo ho lasa toko fahatelo: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniahana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana, tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ireo fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona tamin'ny Tolo-dalàna laharana faha-007-201/PL "sur la participation des femmes aux postes de décision" izay natolo-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Ambatofinandrahana, sady Filohan'ny Antenimierampirenena ka hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisoatra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Rehefa avy nisoatra an-dRamatoa Mpampakateny, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny nanatontosany ny famakiana ny tatitra, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana izany ny mpivory.

Nomarihany, fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha.

Tsy nisy nanana fanamarihana mikasika ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta. Torak'izany koa tamin'ny adihevitra ankapobeny.

Notsindrian'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa Tolo-dalàna efa lany teto anivon'ny Antenimierampirenena izy ity, fa nisy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona; ka izay no antony nampiverina azy eto anivon'ny Antenimierampirenena, hanaovana famakiana sy fandinihana fanindroany izao.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ireo andininy tsy nampitovy hevitra ny Antenimiera roa tonta ny mpivory.

Andininy faha-9, andalana faha-2; lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-9, andalana faha-2.

Fampitambarana ny toko voalohany sy ny toko faharoa ho lasa toko voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fampitambarana ny toko voalohany sy ny toko faharoa ho lasa toko voalohany.

Ny sampana fahatelo ao amin'ny toko fahatelo ho lasa toko fahatelo: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny sampana fahatelo ao amin'ny toko fahatelo ho lasa toko fahatelo

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny momba ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL, «sur la participation des femmes aux postes de décision» natolo-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Ambatofinandrahana.

Taorian'izay, Nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mbola hitohy ny andraikitra sahanin'ny Solombavambahoaka, ka fisaorana ny solotena avy amin'ny Minisitery, niaranisalahy tamin'ny Solombavambahoaka tamin'ny fanatontosana ny fivoriana no nataony ary nitsodrano azy ireo hamonjy ny adidy izay mbola miandry any amin'ny toeram-piasany avy.

Niato tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona